

# TATITRY NY ANTENIMIERA

## 28 Oktobra – 01 Novambra2021

## ANTSIRABE

## ANTONY : TATITRY NY ANTENIMIERA

1. teny fampidirana....3

2. FANDAHARAM-POTOANA....3

3. Ireo mpandray anjara....4

4. andro VOALOHANY / ZOMA 29 OKTOBRA 2021....7

**4.1 session 1 : HAFATRA NY PAPA faha-36 HOAN'NY JMJ 2021**....7

**4.2 session 2 : SORIDALANA hoan'ny PASTORALIN'NY TANORA**....8

**4.3 session 3 : JMJ MADA-10**....8

5. andro FAHAROA / SABOTSY 30 OKTOBRA 2021....10

**5.1 session 4 : EGLIZY sy FAMPANDROSOANA**....10

**5.2 session 5 : Fandaharan'ASA MANASOA**....11

**5.3 session 5 : NY FIROTSAHAN'NY TANORA KATOLIKA AO ANATIN'NY FIOMBONANA CEPAL** 12

**5.4 session 6 : TANORA MIATRIKA NY FIAINAM-PIRENENA**....14

6. TATITRA ARA-BOLA .... **Erreur ! Signet non défini.**

7. andro FAHATELO - FAHEFATRA / ALAHADY 31 OKTOBRA – 01 NOVAMBRA 2021....15

8. TENY FAnirahana....16

# 1. TENY FAMPIDIRANA

Diosezy 22 sy fikambanana 13 nankatoavin’ny CEPAL no mandrafitra ny Antenimieran’ny Tanora. Natao teto amin’ny diosezin’Antsirabe ny Antenimiera 2021.

Ho jerena mandritra ity Antenimiera ity ny fiainam-panahin’ny Tanora, ny resaka JMJ, ary ny ezaka amin’ny fampananan’asa hoan’ny tanora.

# 2. FANDAHARAM-POTOANA

| Alakamisy 28/10/2021 | | Zoma 29/10/2021 | | Sabotsy 30/10/2021 | | Alahady 31/10/2021 | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| TSARA MANDROSO EEE!!! | | 06h00 | Lamesa | 06h00 | Lamesa | 06h00 | |
| | | 07h00 | Sakafo maraina | | | | |
| | | 08h30-10h00 | Famelaberan-kevitran’ny hafatry ny Papa Fransoa ho an’ny 36ème JMJ.<br>RP Séraphin | 08h30-10h00 | 08h30-10h00 : Fiofanana: Ny fiangonana sy ny fampandrosoana : Père Solofo RAP FTMTK | 08h00 | Fiaingana ho any Andranobe |
| | | 10h00-10h15 | Pause | 10h00-10h15 | Pause | 09h00-10h00 | Conférence Fratelli Tuti: RP Haja - Antsirabe |
| | | 10h15-11h | JMJ MADA X | 10h15-11h00 | Fandaharan’asa MANASOA | 10h00 | Lamesa + Fizarana loka lohataonan'ny fahariana |
| | | 11h00-12h00 | Lamesa | 11h00-12h00 | Asa isam-bondrona MANASOA | 11h00 | |
| | | 12h00 | Sakafo atoandro | | | | |
| | | 13h00 | | | | 13h00 - 16h | Fialamboly: Foot, Basket, pétanque, belote, domy |
| | | 14h00-15h00 | Fanazavana soridalana JMJ diosezy : | 14h00-15h00 | Fampahafatrana ny CEPAL : Rafitra Tanora sy Ankizy - Birao VPKT | | |
| 15h00 | Fahatongavana sy andraisana | 15h-15h30 | Tatitra VPKT | 15h-16h30 | Intervention MJS : Fiainan’ny tanora sy fiarovana ny tontolon’ny tanora (Life | | |
| | | 15h30-16h | Tatitra Fikambanan Nasionaly sy VDKT<br>(5min x 06) ( Antsiranana - Toliara - Fenereve-Est ; Garde d'honneur , Antiny, TMV | | | | |
| 16h00 | | 16h00-16h30 | Pause goûter | | | | |
| | | | | 16h30-17h | Pause goûter | | |
| 17h00 | | 16h30-18h00 | Tatitra Fikambanan Nasionaly sy VDKT (5min x 14) ( Ambanja, Taolagnaro, maintirano,Antsirabe, Mananjary, Moramanga, Tsiroanomandidy, Morondava, Ihosy, Morombe, Mahajanga, ACUM, MIEC, FET, JEFRA, | 17h-18h30 | Tatitra Fikambanana Nasionaly sy VDKT (5 min x 14) ( Ambositra, Fianarantsoa, Tamatave, Ambatondrazaka, Miarinarivo, Farafangana, Port-bergé, Antananarivo,JUDFRA, ERT, FIM, TAK, FTMTK, TAMPIKRI | 18h00 | Fiaraha-mikorana + sakafo hariva |
| 18h00 | Lamesa fanokafana | 18h00 - 18h30 | Fitsaohana ny Sakramenta Masina | 18h30-19h | Fifampizarana : fitantanana | | |
| | | 18h30-19h | Asam-bondrona pastoraly amin'ny ankampobeny : isaky Archi | 19h | Sakafo hariva | | |
| 19h00 | Sakafo hariva | 19h00 | Sakafo hariva | 20h30 | Sinaody + Horonan-tsary fijoroana vavolombelona | | |
| 20h30 | Vavaka hariva alohan'ny hatory | 20h30 | Presentation asam-bondrona - Pastoraly amin'ny ankapobeny - vavaka hariva | 21h | toko Sapile +Vavaka hatory | 20h30 | Vavaka hatory |
| 21h30 | Fatoriana | 21h30 | Fatoriana | 21h30 | Fatoriana | 21h30 | Fatoriana |

# 3. IREO MPANDRAY ANJARA

| DIOSEZY | ANARANA | ANDRAIKITRA |
|---|---|---|
| Antsiranana | RP THIERRY Landry | Ray Am-Panahy |
| | VELOGASY Angelo Francky | Filoha |
| | TARIMY Zerline | Mpitam-bola |
| Ambanja | DJAORIZIKY Olsen Battista | Filoha |
| | RAZANAMIHAJA Fara Elisabeth | Filoha Lefitra |
| Port-bergé | RP Daniel | Pretra |
| | NERI Josélito Mahatsara | Filoha |
| Mahajanga | RP RATSIMANOHATRA Bruno | Ray Am-Panahy |
| | RASOANANDRASANA Maminirina Marie Solange | Zoky Am-Panahy |
| | RASABOTSY Marcel | Filoha |
| Toamasina | RP Catherin | RAP |
| | MIJA Xavier Slash | Filoha |
| | TSIALEFITRA Aurélien | Filoha lefitra |
| Fénérive-Est | RP jacquelin Antoine | Ray Am-Panahy |
| | Zarabe Ghislain | Filoha |
| | Eric | |
| Ambatondrazaka | RANAIVOSON Jonah Setra Patrick | Filoha |
| | ANDRIAMANALINA M Rantoniaina | Conseiller |
| Moramanga | RAZAFIMANDIMBY Charles | Filoha |
| | ANDRIANTSOA Nancyah | Filoha Mpanampy |
| | Sr BAKONIRINA Jeanne D’Arc | Zoky Am-Panahy |
| Antananarivo | RP RAVELOSON Joseph | Ray Am-Panahy |

| | | |
|---|---|---|
| | RAMANANTSOA Sitraka | Filoha |
| | RAVELONANTOANDRO Miora Onitsoa Angela | Filoha lefitra |
| Miarinarivo | ANDRIAMAMIARISOA Hajanirina | |
| | RP SOLONIAIANA PASCAL | |
| | RAKOTOVELOMANANA Elysé | Filoha |
| Antsirabe | RANDRIANANTENAINA Jean Paul | Birao VDKT |
| | Sr VOLOLONIRINA Suzanne | Zoky Am-Panahy |
| | RAMIADANTSOA Charline | Birao VDKT |
| Tsiroanomandidy | RP Rija | RAP |
| | ANDRIANTOKINIAINA Loyola Charly | Filoha |
| | RAVELOSOANIRINA Princia | VDKT |
| Maintirano | RP TOJONIAINA Lucien | Ray Am-Panahy |
| | AZIROA Clorida | Filoha |
| Fianarantsoa | RAMIANDRISOA Arsène | Ray Am-panahy |
| | RASOANOMENJANAHARY Marie Marcelline | Filoha |
| | RAHAINGOSOANOTAHIANA Joviale | Filoha lefitra |
| Ihosy | | Zoky Am-Panahy |
| | Zo | |
| Ambositra | RP RAKOTONIAINA André Fidèle | Ray Am-panahy |
| | RAZAFIASIMBOLA Andriamparany J C | Filoha |
| | RAZANANIRINA Félistine | Sekretera |
| Mananjary | HERINJATOVO RENE JOCELYN | |
| | RAJEVONIRINA Maria Abelinah | |
| Farafangana | TSIRAVAINDAHY Widdy Herdimane | Filoha |

| | | |
|---|---|---|
| | MANDRAIMARONANDRASANA Youlia | Trésorière |
| | RAKOTONIRINA Virginia Esterine | Secrétaire |
| Toliara | RP TOVOLAHY Jacquot | Ray Am-panahy |
| | SETA Dahazizy | Filoha |
| | Bernardin | Sekretera Jeneraly |
| Morondava | FIANKINA Sylistance Dieu Donné | Filoha |
| | RANIVO Lydie Patricia | Mpitantsoratra |
| | Sr RAVAOSOLOVOLOLONIAINA Georgine | Zoky Am-panhy |
| Morombe | RP ANDY | Ray Am-Panahy |
| | | Filoha |
| Taolagnaro | Nofy | |
| | | |
| | | |
| ACUM | RAHAERIMANANTSOA Valérianeau Hugo | |
| AFAFI/FET | RP ANDRIANARISOA Odon Honoré | Ray Am-Panahy |
| | RAHAINGOARISOA Lucia Sinnita | Ekipa Nasionaly |
| | RAKOTONIRINA Idealy | Ekipa Nasionaly |
| AIM | JAOZARA HERMELANDO | |
| | RANDRIAMBININTSOA RITCH S. | |
| | | |
| ERT | RAHERIMALALA Hasina Domoina | Mpikambana |
| | RAVOLATIANA Bernadette | Mpikambana |
| | RAHARINIAINA Fanirisoa Linah | Mpikambana |

# 4. ANDRO VOALOHANY / ZOMA 29 OKTOBRA 2021

## 4.1 SESSION 1 : HAFATRA NY PAPA FAHA-36 HOAN'NY JMJ 2021



***RP Séraphin (Miarinarivo) : Secrétaire de coordination FEM (Fivondronamben'ny Eveka)***

**<u>Famintinana ireo hevi-dehibe</u>**

***« Mitsangana fa ataoko vavolombelon'ny Zavatra hitanao ianao. » Asa 26,16***

Md Paoly no modely eo am-panatontosana ny iraka, modely ho an'ny tanora.

Nifantoka kokoa tamin'ny loza ateraky ny fisian'ny valan'aretina Covid 19 no nanoratana ny hafatra ho an'ny tanora. Ny tanora no manana saina matanjaka afaka miatrika ny zava- mitranga toy izany. Io hafahatra io dia mifono fanantenana ho an'ny tanora rehetra, ary isika tanora no mitondra izany fanantenanna izany ao anatin'izao vanim-potoana sarotra iainana.

Md Paoly no modelintsika tanora ao amin'ny fikatrohana ao amin'ny Fiangonana ary modely amin'izao zava-mitranga izao, izy mantsy no nanokatra varavarana ho an'ny Jentily.

Tsy misy lavorary ny olona nasain'Andrimanaitra hiara-miasa Aminy. Hainy ny manova sy hahatonga ny olona hitondra ny hafany.

Tsy avonavona ny fahalemena sy ny tsy fahamendrehana fa kosa teboka hiaingana hiara-miasa amin'Andriamanitra, ka lasa kalitao hoentina manompo ny hafa ao amin'ny Fiangonana.

Toy izao ny lesona azo avy amin'ny dingam-piovan'i Md Paoly :

- Mila fahalinana (curiosité) ho an'i Jesoa raha te halalala bebe kokoa Azy,
- Mila fahalinana (intérêt),
- Mila miresaka (contact dans la prière)

Tsara ny mahita tanora tompon'andraikitra mivavaka, ary ny vavaka dia miseho amin'ny fomba fiasa. Ary ny mivavaka koa dia fihaonana mivantana amin'i Jesoa

Tsy maintsy ho lavo amin'ny tany rehefa hanao zavatra tsy hifanarka ny fiainan'ny Fiangonana isika, tahaka an'i Saoly niaiky ny fahajambany. Noho izany dia modely ho antsika tokoa i Saoly satria nahatsapa ny fahadisony ary nanaiky notantanana, ary niaiky ny hiova sy hibebaka. Tamim-po mibebaka sy voatantana no nanaken'i Saoly hanohy ny asany.

Eo amin'ny fahatanorana no tena itoeran'ny hery, noho izany rehefa mandratra ny tanora dia betsaka ny fahasimbana aterak'izay. Ary rehefa manao ny tsara koa dia betsaka ny soa aterak'izay. Arak'io hafatry ny raimasina io dia tokony hitsangana isika tanora, hioitra sy hirona hatrany amin'ny fanaovan-tsoa, satria olona mahavita sy azo itokisana isika ka tsy tokony ahilika.

## 4.2 SESSION 2 : SORIDALANA HOAN'NY PASTORALIN'NY TANORA




Namoaka ny soridàlana (Tondrozotra) pasitoraly ho an'ny fankalazana ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Tanora any amin'ny fiangonana manokana ( diosezy, disitrika, paroasy, …) ny dikastera misahana ny Lahika ary ny Aina

Anisany hita ao amin'io boky io ny singa fototra lakilen'ny JMJ.

Ny faniriana dia ho avoaka boky io fa ho alefa eo ihany ny mahakasika an'izay.

## 4.3 SESSION 3 : JMJ MADA-10

Iarahana mahalala ny olana nateraky ny covid , nihena ny hafanam-pon'ny tanora .

Ireto ny soso-kevitra nivoatra tao anatin'ny fivoriana :

- Rehefa natao ny fifidianana dia resy lahatra ny Antenimiera fa tokony hatao amin'ny 2022 ny JMJ MADA 10
- Rehefa nivory ny Pretran'Antsirabe dia tsy resy lahatra amin'ny fanatanterahana ny JMJ amin'ny 2022 fa mety amin'ny daty hafa izay mbola tsy fantatra



Marihina fa soso-kevitra ihany ireo fa anjaran'ny Fivondronam-ben'ny Eveka no manapa-kevitra

Mahakasika ny Birao ny VPKT : Nohon'ny zavanisy vokatry ny covid sy ny asa tokony mbola ho ataony dia nohalavaina iray(1) taona ny fotoam-piasan'ny biraon'ny VPKT . Na izany misy ireo tsy afaka ny hanohy intsony ka dia isaorana izy sy ny fikambanana nanolotra azy



## 5. ANDRO FAHAROA / SABOTSY 30 OKTOBRA 2021

### 5.1 SESSION 4 : EGLIZY SY FAMPANDROSOANA



***RP RAZANAKOTO Solofo (FTMTK)***

**Famintinana ireo hevi-dehibe**

a) **Ny mahazava-dehibe ny fifanakalozana**

Mila mahay mifampizarana sy mifanakalo-hevitra ny tanora, mila mahatsiaro tena ho tompon'andraikitra ihany koa satria manana andraikitra amin'ny tenany sy ny fiara-monina ary ny Fiangonana.

Raha tena tia fivoarana isika dia ilaina ny manokana fotoana hanehoana ny fahaiza-manao. Ny isa-batan'olona dia mpandray anjara feno amin'ny fampivoarana. Iliana koa ny fahaiza-mandamina, ary ny fiombonana ho fiaraha-manantanteraka ny tanjom-pampivoarana tiana ho tratrarina. Ny fanotaniana mipetraka dia momba ny vokatra entin'ny VPKT eo amin'ny fampivoarana ny mahaolona. Jerena tsara sao dia fialan-tsasatra no antony andraisan'ny tanora anjara amin'ny JMJ fa tsy zava-panahy.

Ny fiangonana dia manana adidy lehibe hampivoatra ny isan-batan'olona. Tsy voatery hoe tsy maintsy misy famatsiam-bola vao afaka mampivoatra.

b) **Ny fomba fifandraisana mampandroso**

Ny kristianina rehetra no mandrafitra ny fiangonana. Midikka izany fa miara-dalana ny olona rehetra ka raha samy mahatsapa "Fianakaviana iray ao amin'ny ny Fiangonana" dia hiraviravy tanana hanolo-tena hampandrosoana azy .

Mahatsapa ny fiombonana ny isam-batan'olona rehefa mahatsapa fa fianakaviana ao amin'ny Fiangonana. Na ny fahaiza-manaon'ny tsirairay dia afaka entina ho fananana iombonana mba hampivoatra ny tsirairay.

Mila ainga vao ny fapandrosoana, ny anjara toeran'ny fiainam-panahy dia fampivoarana. "Investissement spirituel" mba hampivoatra ny tsirairay.

Ny andraikitriny Fiangonana araka  izany dia :

1- fahazoana fahalalana vaovao mifanaraka amin'ny vanin'andro iainantsika ankehitriny

2- fanovana fomba fanao sy fitondran-tena (changement d'attitude), fampiarana ny fanabeazana azo.

3- fahaiza-manao (fahaizana manantanteraka ny vina)

Hita ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra izany :

**TT : 2 Mpanjaka 4, 1-7 ; 2 / Sameola 9, 1-13**

**TV : Lioka 10, 25-34 / Matio 25, 14-30 / Jakoba 2, 15-22**

Ho fehiny, ny fampivoarana dia tena ilaina eo anivon'ny Fiangonana, ary hiraka hoan'ny vita Batemy rehetra izany. Ka izay rehetra novonjen'i Kristy dia irahiny ihany koa hamonjy ny fanahin'ny hafa.

c) **Ny endrika hamantarana  ny Fiangonana**

Ny Fiangonana dia Raiamandreny azo ianteherana, fitaovana hampitana ny Evanjely. Miaina sy mampiaina ny fiadanana ny Fiangonana.

## 5.2 SESSION 5 : FANDAHARAN'ASA MANASOA



Tsapa fa tena liana amin'ny sehatry ny fihariana ny Tanora. Nisy ny asam-bondrona natao nijerevana ireo fihariana mety any amin'ny diosezy sy mety amin'ny fikambanana Masina nasionaly.

Ny diosezin'Antsirabe no efa nalefa ny fangatahana. Rehefa misy valiny io fangatahana io dia hanomboka hanao fidinana ifotony any amin'ny diosezy hafa.

## 5.3 SESSION 5 : NY FIROTSAHAN'NY TANORA KATOLIKA AO ANATIN'NY FIOMBONANA CEPAL



***Mr Gerard RABOANARY , SG CEPAL***

"**Mitsangana fa ataoko vavolombelon'ny zavatra efa hitanao ianao**" Asa 26 : 16

**Famintinana ireo hevi-dehibe**

Singa iray mandrafitra ny Eglizy sy ny fiaraha-monina ny Tanora.
Manome hafatra ho antsika Tanora ny Ray Masina dia entaniny amin'izany ny fijoroan'ny Tanora amin'ny sehatra misy azy sy manoloana ny zava misy iainana.

Manoloana izany dia mila mametra-panotaniana amin'ny tenanantsika isika tanora hoe fantantsika ve ny sehatra maniraka sy hirotsahantsika ary hikatrohantsika.

## A) Ny atao hoe Lahika

Ny lahika dia ireo ivelan'ny laharan'ny masina, tsy anatin'ny laharana maha relijiozy, dia ireo kristianina vita Batemy miaraka amin'ny Kristy Mpaminany sady Mpanjaka. Midika izany isika rehetra dia voantso amin'ny Fahamasinana avokoa. Ny sakramenta fanirahana dia ny batemy sy fankaherezana, ary izany dia iainana miaraka amin'ny Eokaristia. Isika rehetra no mandrafitra ny Eglizy ary ny Eglizy dia miaina ary mijery ny zava-misy ao amin'ny fiarahamonina misy azy.

Ny vaomieran'ny Eveka misahana ny asa pastoraly sahanin'ny lahika no miandraikitra, araka izany anaranaizany, ny lahika katolika. Eo ihany koa ny « dicastère pour les laïcs, la Famille et la Vie ».

Ny teny manentanana ny CEPAL dia : FINOANA - FIOMBONANA – FIROTSAHANA.

Mandrafitra azy ny vovonana rehetra VPKA, VPKT, VPKL.

Ny tanjona mipetraka dia :

- Miandraikitra sy mandrindra ny fifandraisana eo amin'ny FEM sy ny fikambanana Masina,
- Mampifandray ny fikambanana Masina,
- Mampita ny toro-marika avy amin'ny FEM,
- Manampy amin'ny famahana olana.

Ny andron'ny Lahika dia ankalazaina isaky ny alahady faran'ny volana septambra. Sehatra hifankahitan'ny samy lahika io fotoana io ary iaraha-mivavaka sy ifampitàna vaovao.

Lioka 5,4 " Ianareo no fanasin'ny tany sy ny fahazavana izao tontolo izao, mirosoa amin'ny lalina"

Ny firoasoana lalina dia mitaky :

### a) Finoana

Fahasoavana ny firotsahantsika ka tsy tokony ho raraka an-tany. **ATAOVY SERIEUX** ny maha Katolika, aray mila araraotina ny maha tanora antsika. Dia ao anatin'ny iraka ampanaovina antsika ihany koa, aoka isika rehefa mamaly eny dia ho eny hatrany. Satria mino isika fa tsy irery manao izany fa miaraka amintsika hatrany i Jesoa Kristy.

Ny vavaka no iraisantsika Aina Aminy, ka mila ampy fiainam-bavaka tanteraka isika. Tena takian ny fahaizantsika mandala ny Teniny. Fa ny vavaka sy ny famahanana ny fanahy amin'ny tenin'Andriamanitra no mampandroso ny olona sy mampitombo ny finoany.

### b) Fiombanana

Ilaina ny mifandray eo amin'ny samy fikambanana, satria tsy ampy ny firotsahana hanao asa fotsiny ihany, tokony hasiana fifampizarana ihany koa.

Singa tena manan-danja eo amin'ny fiangonana ny lahika ary manana anjara amin'ny raharaha nanirahana ny Eglizy izy.

Ny andraikitry ny lahika dia mifameno amin'ny ZAP, mifandray sy mifameno mba tsy hivoaka amin'ny maha Kristianina.



**Rehefa te hanantona an'Andriamanitra ny olona iray dia mahita fomba foana na eo ary ny sakana misy**

## 5.4 SESSION 6 : TANORA MIATRIKA NY FIAINAM-PIRENENA



***Ralaivao Rovatiako, SG ministére jeunesse et Sport***

<u>**Famintinana ireo hevi-dehibe**</u>

### I) Faharavana manoloana ny fiainan'ny tanora

Misy ireo zava-miafina ao anaty fanatotoloana izay manimba ny fiainam-pirenena iray : misy ao anatin'ny drafitra ampiasain'ireo mpisehatra amin'ny izany.

Manda potika ao anatin'izany

1- Ara-polititika sy ara-panjakana
2- Ideolojika : ny zon'olombelona, ny laïcité de l'Etat
3- Ara-toekarena sy ara-bola
4- Ara_kolotsaina sy ara-panabeazana

**Endriky ny faharavana :**

- Tanora very fiadanana (kely finoana, be tebiteby, be taraina sy be menomenona) nefa raha ny tokony ho izy dia tanora feno ny fiadanan'i Kristy.
- Tanora tsy manana vinam-piaianana (vision à long terme). Tsy revirevy fa tanjona maharitra.
- Tsy notezaina ho mpandraharaha ny tanora Malagasy ary volena toe-tsaina tsy ho tia ny ambany vohitra, nefa raha tsy miverina amin'ny tontolo ambany vohitra isika dia very tanteraka.
- Olom-pirenena tsy mandray anjara amin'ny fampandrosoana fa voalohany kosa raha hitsikera ny fiainan'ny hafa.
- Malemy sy marefo ara-batana ka mora andairan'ny aretina samy hafa noho ny tsy fihetseham-batana fa variana amin'ny teknolojia moderna ankehitriny.

**II) Soso-kevitra**

Fiaraha-miasan'ny MJS amin'ny Fiangonana

1. Famolavolana ny taniketsan'ny tanora mpandraharaha (pepinière des jeunes entrepreneurs)
2. Tanora mirotsaka amin'ny fanovana ny fiaraha-monina

Misy ny paikady apetraka mba hamolavolàna taranaka vaovao manana vinam-piainana ho amin'ny fitondran-tena miabo, tarana vaovao voataiza ary voaaro amin'ny ireo voina mianjady ankehitriny: amin'ny alalan'ny fanabeazana, tohivakam-pihariana hoan'ny tanora (pôle emploi jeune)

## 6. ANDRO FAHATELO - FAHEFATRA / ALAHADY 31 OKTOBRA – 01 NOVAMBRA 2021











## 7. TENY FANIRAHANA

Tontosa soa aman-tsara noho ny fahasoavan’Andriamanitra ny antenimiera ka isaorana Azy.

Isaorana ihany koa ny solon-tena rehetra avy amin’ny diosezy sy ny fikambanana masina, ny ray / zoky am-panahy, sy ireo izay nanohana rehetra ho fanatotosana izao fihaoanana izao.

Ialàna tsiny ny tsy fahatomombanana nitranga ary iarahantsika manarina izany.

Ny fanentanana atao dia ny mba hampiharana sy hampitàna ny hafatra voaray nandritra ity anteniera ity. Ao anatin’izany ny fahamatorana eo am-panatanterahana ny andraikitra rehetra sahanina, ny fahamasinana (fiainam-bavaka, fihainoana sy famakiana ary fampiharana ny Tenin’Andriamanitra)

Hatsaraina sy hamafisina ihany koa ny fifandraisana mila eo anivon’ny nasionaly sy ny any @ fototra dia adidin’ny antenimeira ny manao izay hahatomombana izany.

Isaorana manokana ianareo Eveka sy pretra nanohana anay Tanora. Mirary fahamasinana , mifampivavaka isika

